# “Tsy misy Tompo marina afa-tsy Allah, Loza ho an’ny Arabo noho ny faharatsiana efa manakaiky, nisokatra toy izao androany vala nanidina an’i Goga sy Magoga.”

Tatitra azo avy amin'i Zaynab Binti Djahsh (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Tsy misy Tompo marina afa-tsy Allah, Loza ho an’ny Arabo noho ny faharatsiana efa manakaiky, nisokatra toy izao androany vala nanidina an’i Goga sy Magoga.” Dia nanondro ny ankihiben-tànany sy ny rantsan-tànany manaraka ny Mpaminany (S.A.W), dia hoy i Zainab binti Djahsh: Ry irak'Allah ô! : Ho rendrika ve isika nefa eo amintsika ireo olona mendrika? Namaly izy hoe : “Eny, rehefa besaka ny faharatsiana.”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Niditra tao amin'i Zainab bint Djahsh ny Mpaminany (S.A.W) niaraka tamin'ny fahangovirana sy tahotra ka niteny manao hoe: Tsy misy Tompo marina afa-tsy Allah, manambara fiandrasana zavatra ratsy hitranga, ary tsy misy famonjena amin’izany afa-tsy amin’ny fitodihana amin’I Allah Ilay Tsitoha, avy eo izy (S.A.W) dia niteny hoe : Loza ho an’ny Arabo amin’ny faharatsiana izay efa manakaiky hitranga, nisokatra androany ilay tototran’i Goga sy Magoga, ilay fampona izay naorin’i Zoul-Qarnayn, tahaka ity, ary nanondro ny ankihibeny sy ilay manaraka izy (S.A.W). Hoy i Zainab (R.A) : “Ahoana no hanasazin'I Allah atsika amin'ny fandringanana, nefa misy ireo mpino mendrika eto amintsika? Hoy ny Mpaminany (S.A.W) taminy : Raha maro isa ny faharatsiana toy ny fahalotoam-pitondran_tena, ny fahavetavetana, ny fahotana, ny fijangajangana, ny toaka sy ny zavatra hafa, dia ho ringana avokoa ny rehetra.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3145